

# FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY BONGATSARA MADAGASIKARA

JANOARY 2022

**FISY FAMPAHAFANTARANA**

Mirakitra ny fintin'ireo hita nandritra ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo natao tany Bongatsara ity fisy fampahafantarana ity. Fanadihadiana izay natao tamina firenena valo[1] ny Novambra 2019 hatramin'ny Desambra 2020. Mikendry ny hanamafy ireo ainga sy ezaka ataon'ny tanora amin'ny fampiroboroboana ny fahasalamana sy zo ara-pananahana amin'ny alalan'ny fitantanana ifotony mandala ny miralenta sy ireo tanora ity fikarohana ity. Kaominina ivon-toerana mendrika folo no nanaovan'ny Gender Links Madagascar izany.[2] Tany Bongatsara, toeram-pitsaboana iray no voakasiky ny fanadihadiana; 231 ireo namaly: 52% tovovavy ary 48% tovolahy (jereo ny tabilao etsy ambany). Tokony hovakiana miaraka amin'ny bobikelin'i Madagasikara mikasika ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny tatitra feno momba ny fandalinana natao tany amin'ireo firenena valo ity fisy fampahafantarana ity. Toy izao ireo zava-dehibe hita, vokatra azo nandritra ny fanadihadiana:

## Ny amin'ny fahafahana misitraka

- Latsaky ny atsasamanilan'ireo tanora (44%) no nitatitra fa manana tobim-pahasalamana anatin'ny 10 km miala ny tranony.
- Ampahany betsaka (88%) tamin'ireo tanora nohadihadiana no nilaza fa misokatra soa aman-tsara ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora fianarana.
- Saika efa ho ny roa am-pahatelon'ireo namaly (64%) no nanaiky fa sady misokatra soa aman-tsara ny tobim-pahasalamana rehefa faran'ny herinandro no ihany koa manana toerana fiandrasana sy fizahana marary ahazoana aina tsara.
- Mihoatra ny atsamanila (58%)-n'ireo tanora nanamafy fa andovam-bola amin'ny sarany $1 ireo tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana.

## Kalitaon'ny fikarakarana

- 75%-n'ireo tanora no namaly fa miantoka ny fisian'ny tsiambaratelo ireo mpiasan'ny fahasalamana, raha 74% ireo nanamafy fa voahaja tanteraka.
- Mihoatra ny roa ampahatelon'ireo nohadihadiana rehetra (69%) no nanambara fa nifanena tamin'ireo mpanolon-tsaina olon-tsahala.
- Mihoatra ny antsasamanilan'ireo tanora (57%) %) nitatitra fa nahazo ireo tolotra tsy nila fanatrehana olon-dehibe ary 55% tamin'izy ireo no namaly fa voazaha manokana.
- Tamin'ireo kaominina folo nanaovana fanadihadiana teo Madagasika, Bongatsara no mitana ny laharana ambany indrindra amina tondro roa mahakasika ny kalitaon'ny fikarakarana: 33%-n'ny mpamaly no nilaza fa nahazo ireo fampahalalana mifanaraka tamin'ny filàny, ary 29% monja tamin'izy ireo no nanaiky fa ampy tsara ny fotoana lanian'ireo mpiasan'ny fahasalamana miaraka amin'ireo tanora. Hita araka izany fa ambany kokoa ny kalitaon'ny fikarakarana eny amin'ireo kaominina ambanivohitra ary tena mbola mila ezaka bebe kokoa amin'ny fampanarahana fenitra ny kalitaon'ny tolotra.

## Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana

- Atsasamanilan'ireo tanora dia nangataka ireo tolotra fanabeazana aizana, ka 85% tamin'izy ireo no nahazo izany.
- Mihoatra ny roa ampahatelon'ireo tovovavy tany Bongatsara (70%) no nangataka fitiliana fitondrana vohoka, ka 78% no nahazo izany. 13%-n'izy ireo dia bevohoka avokoa nandritra ny fotoana nanaovana ny fanadihadiana, tarehimarika izay mandahatra an'i Bongatsara ho kaominina nahitana tovovavy bevohoka maro indrindra tamin'ireo kaominina rehetra tanaty ny fanadihadiana.
- 30% n'ireo tovovavy no nangataka salaka tamin'ireo mpiasan'ny fahasalamana ary 80% no nahazo izany: tondro mampiseho ny ezaka efa misy amin'ny lafiny famatsiana salaka maimaim-poana eny anivon'ireo tobim-pahasalamana.
- Amin'ireo tovolahy 49% nangataka ho atao famorana (angona rehetra), izay voaporofo fa mampihena be ny fifindran'ny VIH SIDA, dia nahazo fotoana hanatanterahana izany ny 71%.
- 39%-n'ireo tanora no nangataka hanao fitiliana VIH ary saika ny rehetra tamin'ireo (92%) dia nahazo izany avokoa.
- 38% tamin'ireo nohadihadiana no nangataka hanao ny fitiliana ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo, ka ny 89%-n'ny nangataka izany dia nahazo avokoa.
- 35%-n'ireo tanora namaly no nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ary ny roa ampahatelo tamin'izy ireo (67%) no nahazo izany. Amin'ny ankapobeany hita eny amin'ireo hopitaly eny anivon'ny distrika ireo fanafody hahafahan'ny olona miaina miaraka amin'ny VIH SIDA eto Madagasikara.
- 19% fotsiny (tarehimarika ambany indrindra teto Madagasikara) no nilaza fa manontany mikasika ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana. Tondro izay tena mila ezaka satria mifaningotra tanteraka ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny fahasalamana ara-tsaina.

[1] Botswana, Eswatini, Lesotho, Madagascar, Maorisy, Afrika Atsimo, Zambia ary Zimbabwe.
[2] Andoharanomaitso, Anjozorobe, Antanamitarana, Bongatsara, Fort-Dauphin, Foulpointe, Mahajanga, Manjakandriana, Moramanga ary Toamasina.

*RAHA MILA FANAZAVANA FANAMPINY Tsidiho ny:*
*https://genderlinks.org.za/what-we-do/governance/local-action-for-voice-and-choice/*

**Tsipirian'ny fifandraisana:** *Gender Links Madagasikara*
**Adiresy:** *Immeuble le Premium, ex village des jeux Ankorondrano, Antananarivo*
**Tel**: *+261328732519*

AMPLIFYCHANGE
Hivos people unlimited
GENDER LINKS HO FAMPANJAKANA NY FITOVIANA SY NY FAHAMARINANA

TAREHIMARIKA FOTOTRA AZO TAMIN'NY FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY BONGATSARA MADAGASIKARA

| Tondro | Bongatsara | CSB II Anjomakely |
|---|---|---|
| Totaly | 231 | 231 |
| %Vehivavy | 52% | 52% |
| %Lehilahy | 48% | 48% |
| ***Mahakasika ny tobim-pahasalamana*** | | |
| Anatin'ny 10km miala ny tranonao ve ny tobim-pahasalamana? % | 44% | 44% |
| Misokatra ve ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora firavan'ny mpianatra? % | 88% | 88% |
| Misokatra ve ny tobim-pahasalamana mandritry ny faran'ny herinandro? % | 64% | 64% |
| Ahazoana aina tsara ve ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ilay tobim-pahasalamana? % | 64% | 64% |
| Andoavana sarany ve ny tolotra misy ao amin'ny tobim-pahasalamana? % | 58% | 58% |
| Sandany amin'ny ankapobeany (Dolara) | $1 | $1 |
| ***Kalitaon'ny fikarakarana*** | | |
| Ahitana mpanolon-tsaina olon-tsahala ve (nanampy)? % | 69% | 69% |
| Tanora voahaja nandritry ny fizahana % | 74% | 74% |
| Tanora tsy niaraka tamin'ny Ray aman-dReniny % | 57% | 57% |
| Tanora nilaza ny fanajana ny lafiny manokana % | 55% | 55% |
| Tanora nanamafy ny fiantohana ny fanajana ny tsiambaratelo % | 75% | 75% |
| Ampy tsara ny fotoana natokan'ny mpiasan'ny fahasalamana ho an'ny tanora % | 29% | 29% |
| Fahazoan'ny tanora fampahalalana mifanaraka amin'ny filany % | 33% | 33% |
| ***Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana (%)*** | | |
| ***Fahasalaman'ny Reny*** | | |
| %Tanora nangataka ny hanao fanabeazana aizana | 50% | 50% |
| %Ireo tanora nitaky ka nahazo ireo tolotra amina fanabeazana aizana | 85% | 85% |
| % Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka | 70% | 70% |
| %Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka ka afaka nanao izany | 78% | 78% |
| %Tovovavy bevohoka | 13% | 13% |
| ***Fahasalamana mandritra ny fadimbolana*** | | |
| %Tovovavy nangataka irony salaka fanao amin'ny fotoanan'ny fadimbolana | 30% | 30% |
| %ireo nangataka salaka ka nahazo | 80% | 80% |
| ***VIH SIDA sy ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo*** | | |
| %Tovolahy nangataka ny ho atao didim-poitra | 49% | 49% |
| %Tovolahy nangataka ka nahazo fotoana hanaovana didim-poitra | 71% | 71% |
| %Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH | 39% | 39% |
| %Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH ka nahazo | 92% | 92% |
| %Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ara-nofo | 38% | 38% |
| %Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ka nahazo | 89% | 89% |
| %Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH (ho an'ireo efa tratra) | 35% | 35% |
| %Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ka nahazo izany | 67% | 67% |
| %-n'ireo nilaza fa manontany momba ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana | 19% | 19% |